

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Michel Rakotobe

Fampahafantarana ny mpitarika ny KMMR : Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana, tany amin'ny distrikan'i Soavinandriana sy Miarinarivo faritr'Itasy ny alahady teo, notarihan'Andriamatoa Kevin Ratrimoarison.



Ny kandidà filoha Marc Ravalomanana tany Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo ny sabotsy teo.



FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA

Tsy hanohana n'iza na iza i Annick Ratsiraka sy ny Arema

Tsy hanohana an'iza na iza i Annick Ratsiraka sy ny antoko Arema, izay no nambaran'ity saika ho kandidà filohampirenena ity tany Toamasina sy Antsiranana ary Mahajanga. Taorian'ny fampilazana fa hirotsaka ho fidiana ny kandidà Annick Ratsiraka dia nandeha tany Toamasina sy Diego ary nipaka hatrany Mahajanga. Nambarany fa : "ny firotsahana dia napetrakay tamin'ny fahendrena, kanefa tsy misy ny olona ambonin'ny lalàna . Hitanay fa mitanila tanteraka io fifidianana io . Manoloana ny fahasahiranana mahazo ny Malagasy dia inona no andoavana vola an-tapitrisany, ankoatra ny hanaovana campagne nefa efa hita ny valiny dia nisintona ny filatsahanko fidiana ny tenanay . Tsy hijanona hiady ho amin'ny fiandrianampirenena ny Malagasy izahay ary hitolona ho an'ny vahoaka Malagasy . Ho tohizanay ny fitsidiham-paritra. Io moa ny manetsabe mbola ho avy. Izahay Arema dia tsy hanohana n'iza n'iza amin'io fifidianana io, samy ho tsarain'ny tantara eto." Hoy ihany Ramatoa Annick Ratsiraka. Fifidianana mitanila io satria misy zavatra tsy mazava ao. Notaizana handala ny zon'ny fiandrianampirenena ny Arema . Na izany aza dia mitohy ny fikarakaran'ny Arema ny vahoaka Malagasy . Rehefa vita ny fifidianana dia andeha hanampy ary hitety any Madagasikara izahay .

Helisoa

